Ceg Analamahitsy- EPP Behoririka-Soarano

# Tsy nivarotra ary tsy hivarotra tany izany ny CUA 7


# NY VALOSOA VAOVAO

[illegible]

[illegible] jolay 2018 — Laharana [illegible] — Vidiny : 400 Ar


Erikerika Madagasikara 3

## Mitohy ny fanohanany ny gazety Ny Valosoa Vaovao


www.[illegible].com
[illegible]@yahoo.com
facebook : gazety valosoa [illegible]


Nouakchott 3

# Tsy noraharahian' ny Afrikana Rajao



Mondial 2018 4

# Hafana sy hiady dia hiady ny 1/4-dalana



[illegible] 6

## Nivoaka lomotra ny fivavian'ilay tovovavy



Fampianarana 2

[illegible]

Andrainomanoalatra-Ambalavato II 6

## Miverina indray ny asan-jiolahy mahery vaika

Petite Vitesse 5

[illegible]

[illegible]

[illegible] 7

## [illegible]



DEPIOTE ME HANITRA R.

## Nitondra fanampiana ho an'ireo may trano tao Manarintsoa

Ny voin-kava mahatratra ; vao nandre ny loza nihatra tamin'ireo mponina may trano tetsy Manarintsoa Afovoany ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ny boriborintany voalohany, Me Hanitra Razafimanatsoa dia tonga nidododo nitondra fanampiana teny an-toerana ny tenany . Raha tsiahivina dia nitrangana haitrano mahatsiravina tetsy Manarintsoa Afovoany ny talata vao mangirandratsy sahabo ho tamin'ny 1ora maraina . Nahatratra 31 tafo no may kilan'ny afo tamin' izany , 200 no tsy manankialofana. Tsy nisy ny aina nafoy fa roa no fantatra fa naratra izay efa nahazo fitsaboana. Tonga nitondra ny voatsirambin'ny tanana ho an' ireo traboina ny solombavabahoaka Me Hanitra Razafimanantsoa tamin'izany. Henoko ny voina nahazo anareo hoy izy ka tsy tafandry mandry aho fa nitondra ireto fanampiana ilaina maika ireto . Nankahery sy nampitraka ireo traboina ihany koa Me Hanitra tamin'izany .



*Helisoa*

Fampianarana Antsirabe

## NY fitondrana no ho tompon'antoka amin'ny taona fotsy hoy ireo mpampianatra

Raikitra ary nidina andalambe tokoa ireo mpampianatra ao Vakinankaratra nanomboka ny marainan'ny alatsinainy lasa teo. Vao maraina dia nifamotoana teo amin'ny tokontanin'ny DREN Vakinankaratra toy ny mahazatra izy ireo, izay an'arivony maro tokoa. Nisy ny fanentanana fohy nataon'ireo mpitarika dia roso ny dian'ireo mpampianatra namakivaky an'Antsirabe. Nianga teo amin'ny DREN ary nihazo an'Avaratsena sy iny manamorona ny hopitalin'Antsirabe iny ary nivoaka nihazo an'Antsenakely sy ny nanamorona ny biraon'ny Prefektiora ary nandalo nanoloana ny kaominina sy ny Tsangambaton'ny fahaleovantena dia niverina teny amin'ny Dren ihany. Hatreto dia nambaran' ireo mpampianatra sy ny mpitarika fa tsy tompon' antoka amin'ny mety hisian'ny "taona fotsy" izy ireo, fa ny mpitondra fanjakana no tompon'antoka amin'izany, ka izany no nivoahan'izy ireo ny faritry ny nanaovany fitokonana mba ho hitan'ny be sy ny maro fa maro an'isa ireo mpampianatra atao tsinontsinona ireo, hoy Andriamatoa Ratovonjanahary Njakasoa Robert. Nambarany fa vao indray andro monja ny mpitatitra no nitokona dia nivaly ny fangatahany, kanefa ny mpampianatra dia efa hananika ny faha-3 volana izay no nitokonana, kanefa tsy mbola nisy valiny fa fampanantenana poakaty foana no azon' izy ireo. "Satria ve tsy dia misy ilana azy ny mpampianatra no tsy asiana valiny ny fangatahany?" hoy hatrany izy ireo nanamafy. Saika nanana solontena maro ireo mpampianatra nanerana an'i Vakinankaratra tamin'io hetsika io ary mbola nanamafy izy ireo fa hiverina hanamafy hatrany indray ny fitakiany rahampitso Zoma ho avy izao raha tsy misy valinteny miantraika amin'ny "bon de caisse"-n'izy ireo ny fampanantenana entin'ny mpitondra fanjakana. Nanamafy izy ireo fa raha tsy misy valiny sy fiantraikany amin'izy ireo ato anatin'ny 2 herinandro izany dia ho taona fotsy tokoa ity taona ity, ho an'i Vakinankaratra indrindra indrindra.

*Lezama*

Ministry ny vola

## Milaza fa ho ampy ny vola hanaovana fifidianana

Raha voalaza fa tsy ampy ny vola hoenti-manana amin'ny fifidianana raha ny nambaran'ny teo anivon'ny Ceni, ka mila 16 miliara ariary ho fanampin'ny 40 miliara ariary efa voafaritra tao anaty "Loi de finance 2017" dia fantatra indray izany izao fa ampy ny vola hoentina manatanteraka fifidianana hoy ny minisitra Andrambololona Vonintsalama, ministry ny vola sy ny tetibolam-panjakana. Ny governemanta dia efa namoaka ny datim-pifidianana, fa hotanterahina amin'ity taona ity volana Novambra ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana filoham-pirenena. Fanontaniana mipetraka izany ny hoe avy aiza indray izany izao io vola fanampiny hoentina hanatanterahana ity fifidianana filoham-pirenena ity eto Madagasikara. Hatreto aloha dia miezaka hanatanteraka fifidianana ny fitondram-panjakana. Ny fitoniana anefa mbola olana, ny tsy fandriampahalemana manjaka manerana an'i Madagasikara mihitsy, ny etsy amin'ny kianjan'ny 13 mey mbola manao hetsika, dia ahoana no hanatanterahana fifidianana amin'izao toe-draharaham-pirenena izao? Ho hita eo ny tohiny.



*Ny ministry ny vola sy ny fitantanam- bola, Vonintsalama Andriambololona.*

*Rajo*

Rakotomamonjy Phillipe

## Ovay aloha ny rafitra mialohan'ny fifidianana Filoha

Hentitra ny Dis-Tim ao amin'ny boriborintany voalohany eto Antananarivo Renivohitra fa tsy misy fifidianana mandeha eo raha tsy ny rafitra aloha no miova. Mila ovaina aloha ny olona amin'ny rantsa-mangaika samihafa toy ny lehiben'ny faritra, distrika, eny hatrany amin'ny kaominina sy ny fokontany ihany koa. Ankoatr'izay dia mila miova ihany koa ny eo anivon'ny CENI satria io no tena antoky ny fifidianana eto amintsika. Efa fantatra fa tsy atokisana io Ceni io hoy izy, ka raha tsy io no miova dia tsy hisy raharaha hanjary izany eto. Izay indrindra hoy ity mpanao pôlitika ity no antony nahatonga ny hetsik'ireo solombavambahoakan'ny fanovana eny Analakely. Tsy mbola mitsahatra io hetsika io hoy izy raha tsy mivaly ny fitakiana dia ny fanalana ireo minisitra Hvm ao anaty fitondrana sy ireo rantsa-mangaika samihafa ihany koa. Tsy nisy ny hetsika omaly satria teny amin'ny minisiteran'ny fanabeazampirenena nanampy ireo sendikan'ny mpampianatra ireo mpitolona tetsy amin'ny kianjan'ny 13 mey.



*Rakotomamonjy Philippe mpanao pôlitika.*

*Rajo*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Sendikà malagasy : kely hery sa tsy mahomby ny fomba fiasa?

Samy nanao izay vitany ireo sendikà Malagasy misy eto amin'ny firenena tato ho ato na tamin' ireo raharaha nafampana, izay zary lasa raharaham-pirenena mihitsy, na ireo fitakiana sosialy samihafa efa antom-pisian'ny sendikà. Efa azo atao ve ny manao tombana ny vokatry ny ezak'ireo? Mitàna ny sain'ny ray aman-dreny sy ny mpianatra ankehitriny ny amin'ny hisian'ny fanadinana na tsia noho ny fitakiana ataon'ny sendikàn'ny mpampianatra. Efa nitsefotra aloha ny fanadinanan ara-panatanjahantena ho an'ny mpiadina Bepc ary tsy fantatra na rahoviana indray no hamerenana azy. Hetsika azo lazaina ho nahomby ve izany sa tsia? Iaraha-mahalala aloha, fa tsy izany velively no tanjon'ireo mpampianatra raha manao hetsika izy ireo. Iza no omentsiny ny mpampianatra sa ny tompon'andraikitry ny fampianarana sy ny mpitondra fanjakana? Tsy tokony hohadinoina anefa, fa zary vanja milevina eto amin'ny firenena any aoriana ny fikorontanan'ny fampianarana sy ny fanabeazana omena ireny ankizy sy zaza Malagasy ireny. Ankoatra ny sehatry ny fampianarana dia maromaro ireo sendikà manao hetsika fitakiana. Ao ireo mitaky ny fialan'ny ministra izay tsy mety aminy izay notendrena hiasa eo anivon'ny ministerany. Ny sasany mitaky ny fialan'ny tompon'andraikitra ambony amin'ny orinasany; eo koa ny fitakiana fanafoanana rafitra natsangana eo anivon'ny orinasa iasàny; ny hafa mitaky ny hamoahana ny raharaham-pitsarana tokony hotanterahina noho ireo fihetsika mamohehitra nataony teto amin'ny firenena, sns... Maro ny fitakiana sendikaly. Ahoana anefa ny vokany hatreto? Raha atao jery ankapobeny, ny fahitana ny raharaha, dia ampahany kely ihany amin'ny fitakiana nataon'izy ireo no mba nivaly kanefa dia tsy mahafapo ihany koa. Midika fa tsy voavahan'ny fitondrana Rajaonarimampianina ny fitakiana nataon'izy ireo, mba tsy ilazana fa tsy namakiany loha. Efa nisy mantsy aman-taonany izao no efa nanao fitakiana, ary mbola mitohy ihany izany mandraka ankehitriny. Kely hery ve ny sendikà Malagasy amin'ny fitakiana izay ataony sa ny fomba fiasany no misy tsy mety, hany ka zara raha mihaino azy ireo ny tompon'andraikitra mahefa. Nambara fa hanao hetsika lehibe izy ireo rahampitso zoma izao ka ho hita eo indray ny fampisehoan-kery ho ataon'izy ireo. Singa iray lehibe ilain'ny firenena amin'izao toerana misy azy izao ny sendikà. Ny fisian'ny sendikà matanjaka dia tena zava-dehibe mitondra vaika ho amin'ny fampandrosoana ny firenena.

*Sôh'son*

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Hir'Aina R**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Ny antony mandrisika ny olona hirotsaka ho Filohampirenena

Tsapa sahady ankehitriny fa ho maro ireo hirotsaka ho kandida amin'ny fifidianana Filohampirenena amin'ny 7 Novambra 2018. Rehefa mihoatra ny 10 mantsy dia efa betsaka izay amintsika . Raha ny fifidianana Filohampirenena farany tamin'ny taona 2013 ohatra dia nihoatra ny 30 ny kandida ary tsiahivina fa nisy tamin'ireny kandida ireny no tsy afaka nirotsaka noho ny antony isankarazany . Manoloana izany fahabetsahan'ny mpirotsaka ho fidiana izany indrindra dia mipetraka ny fanontaniana manao hoe : fa inona no antony manosika an'ireny olona ireny hirotsaka ho fidiana ho Filohan'ny Repoblika ? Ao ny milaza fa manana programa maty paika ho entina manatsara sy mampandroso ny firenena ho amin'ny tsaratsara kokoa , ao kosa ny miteny fa te-hametraka tantara eto amin'ny firenena fa efa nirotsaka ho fidiana Filohampirenena , ao indray ny milaza fa noho ny fahitany ny fahantran'i Madagasikara ka hitondra vahaolana hamahana izany fahantrana izany , ao kosa ny miteny fa noho ny fitiavan-tanindrazana . Fa misy anankiray tsy misy sahy miteny kanefa matetika mitranga amin'ny tany mahantra toa an'i Madagasikara dia ny faniriana te hanankarena tampoka. Ny ankamaroan'ny olona avy teo amin'ny fitondrana mantsy dia lasa dongadonga daholo sady lasa nanana fiara raitra sy trano be eto Antananarivo . Raha ny tokony ho izy dia manompo vahoaka ny mpitondra fa tsy tompoina araka ny voalazan'ny Lalampanorenana. Matetika dia toy ny anjely latsaka an-tany ny kandida rehefa mandritra ny fampielezan-kevitra , lasa mitsikitsiky ilay olona vinitra hatramin'izay satria te hahazo ny vaton'ny vahoaka . Tsy azo ambakaina intsony ny olona amin'izao fotoana izao fa efa fantany ny tokony hataony. Ilaina ny fanajana lalàna saingy misy ny kandida sasany efa manao propagandy sahady miaraka amin'ny fizaram-bola etsy sy eroa sy ny famalifaliana ny vahoaka amin'ny alalan'ny artista . Ho hita eo izay ho tohiny fa tsy azo fitahana amin'izany intsony ny vahoaka Malagasy , na izany aza, samia mailo hatrany, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

NOUAKCHOTT

# Tsy noraharahian'ny Afrikana Rajao

Very n'aiza na aiza Rajao, na ny Filoha Hery Rajaonarimampianina, izay no azo amintinana ny fivoahana nataony tany ivelany tamin'ny herinandro teo ary nitohy tamin'ity herinandro ity. Tany Nouakchott renivohitr'i Mauritanie nanaovana ny fihaonana antampon'ny Vondrona Afrikana dia tsy nahazo fitenenana tany ny Filoha Malagasy, nefa filohan'ny Francophonie am-perinasa izy amin' izao fotoana, no filohan' ny Comesa na ny Vondron'ireo firenena aty amin'ny faritra Atsinanana sy Atsimon'i Afrika ihany koa. Tany Rome renivohitra Italiana ihany koa, tsy tazana mihitsy ny Filoha Malagasy nandritra ny fametrahana tamin'ny toerany ireo kardinaly miisa 14 tamin' ireo haino aman-jery lehibe eran-tany, nefa anisan'ny napetraka tamin' izany ny kardinaly Malagays Desiré Tsarahazana. Tsy nisy Filohampirenena na lehibena governemanta niatrika izany, fa ny Filoha Hery Rajaonarimampianina mivady no nisosososo toy ny vinanto tsy nahare fosa tany, ary tsy mba nahazo fitenenana koa ny tenany tany. Raha ny fahitan'ny mpanara-baovao azy aza dia nahazo kapoka tany amin'ny Vatican ny tenany satria efa hita tato ho ato fa azo lazaina ho ratsy ny fifandraisana teo amin'Ilavoloha sy ny Ekar raha ny eto Madagasikara no jerena, kapoka izay natao mba tsy maintsy hialany amin'ny 7 septambra ho avy izao satria raha ny tena marina dia efa tokony hiala izy fa navotan'ny HCC noho ny fanitsakitsahana Lalampanorenana, izay efa neken'ity Fitsarana avo ity fa nanao izany tokoa ny Filoha Malagasy. Tany Nouakchott, nilaza ny haino aman-jerim-panjakana fa nahazo dera tamin'ny Vondrona Afrikana hono ny Filoha Malagasy satria nanaiky ny Praiministra ny marimaritra iraisana, ny fahitana izany aza dia fanesona ny Filoha Hery Rajaonarimampianina satria very ny fahefany, very n'aiza na aiza izy…



***Ny Valosoa***

Erikerika Madagasikara

# Mitohy ny fanohanany ny gazety Ny Valosoa Vaovao

Ny fikambanana Erikerika Madagasikara any Frantsa dia fikambanana manohana ny tolona ataon'ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana na dia any ampitandranomasina aza. Isan'ny nitaky ny hisokafan'ny MBS sy AAA-Tiko ny fikambanana Erikerika Madagasikara. Ankoatra izay, misy ny asa sosialy ataon'izy ireo any amin'ny sekoly fanabeazana fototra EPP, toy ny fizarana sakafo sy fanomezana ho an'ireo ankizy sahirana any amin'ny faritra Atsimondrano iny . Teo ihany koa ny fanampiana ny gazety Ny valosoa vaovao tamin'ny alalan'ny fividianana gazety 100 omena maimaimpoana ho an'ireo olona any amin'ny faritra , ka nisantarana izany ny tany Moramanga sy Ambatondrazaka ary teto Antananarivo sy ny manodidina. Manomboka izao dia any amin'ny faritra hafa indray no hizaràna maimaimpoana ny gazety , ka any Antsirabe sy Maevatanana indray no hisitraka izany amin'ity volana jolay ity . Ny gazety Ny valosoa vaovao dia maneho fankasitrahana ny fikambanana Erikerika Madagasikara , enga anie mba ho maromaro ny toa azy satria zava-dehibe ny hiparitahan'ny gazety any amin'ny faritra maro manerana ny Nosy, indrindra amin'izao vanimpotoana iainan'ny firenena izao, sy ny fifidianana izay efa miha- antomotra ihany .




*Ny Erikerika Madagasikara nitaky ny fanokafana ny MBS sy ny AAA- Tiko.*

***Helisoa***

Olan'ny mpianatra eny Ankatso

# Manolotra vahaolana ny CROUA

Manoloana ny fitokonana nataon'ny mpianatra teny amin'ny toeramponenan'ny mpianatry ny anjerimanontolo eny Ankatso 2 dia nanao fanambarana ny tompon' andraikitra eny anivon'ny Croua fa efa mandray ny andraikitra sy ny fepetra rehetra tandrify azy izy ireo hamahana ny olana. Nisy ny fihaonana tamin'ireo mpianatra ny takarivan'ny talata 3 jolay mba hijerena ny vahaolana maharitra.

Ny fisehon'ny fitokonan' ny mpianatra : fametrahana barazy teny amin' ireo lalana miditra sy mivoaka ny faritry ny toeram-ponenan'ny mpianatra. Fiantraikany : Ni-menomenona ny mponina eny amin'ny faritra manodidina amin'ny tsy fahafahana mivezivezy.

Ny anton'ny fitokonan'ny mpianatra : tsy fahafaliana noho ny fisondrotan'ny hofantrano ho 18 000 Ar/taona ho an'ny trano tranainy ary 50 000 Ar/taona, fampiakarana Codis ny mpianatra tsy mitovy hevitra amin'ny tompon'andraikitra, fahatapahan'ny rano matetika sy lavareny eny amin'ny Cité U, fahatapahan'ny fil ny jiro, fisian'ny kolikoly, fanorenana tsy ara-dalàna eny amin'ny cité U, fahanteran'ny fotodrafitrasa, tsy fandriampahalemana, olona tsy mpianatra nefa mibodo trano.

Ny tenin'Andriamatoa Willy Andriamihajaniaina, talen'ny Croua : Momba ny hofantrano : « Nandritra ny 25 taona ny hofantrano no nijanona ho 700 ariary isambolana, ka amin'izao izy vao nakarina ho 1500 Ar isam-bolana. Tokony ho fantatry ny mpianatra fa mila vola ny fikarakarana ny Cité U. Momba ny rano : « manary rano betsaka ireo installation eny amin'ny tranon'ny mpianatra ka tsy maharaka intsony ny famatsian-drano. Efa nisy ny eritreritra hanaovana lava-dra-no (borne fontaine) miisa 15 eny amin'ny Cité fa nolavin'ny mpianatra ». Momba ny kolikoly : «Efa ny solontenan'ny mpianatra isam-paritra no mikarakara ny fampidirana mpianatra amin'ny Cité U izao, ka raha misy to-koa ny kolikoly dia tokony hampandre anay ireo mpianatra hoe iza no manao izany na mitory mivantana amin' ny bianco ».

Dia ho hita eo ny ho tohin'ity olan'ny mpianatra eny Ankatso ity, fa tsy mahavaha olana aloha hatreto ny tompon'andraikitra manomboka any amin' ny ministra ka hatrany amin'ny tompon'andraikitra hafa.

***Isambilo***

TONONKALO

## FISANDRATAN`NY OLO-MAVANDY ?

Ny adala rehetra no indreny mirotsaka,
Miampy ireo fetsy sy tena kapotsaka.
Misy sahady no efa tsy tana,
Ka sahy nijoro , nangala-piaingàna.

Tsy olon-tsy fantatra , vao hozoviana,
Fa ny efa malaza amin`ny haratsiana.
Mpamita-bahoaka , devoly hita vatana.
Miomana indray amin`ny "fisandratana".

Heno sahady manketsy , mankatsy.
Manao teny mamy , mivimbina vatsy.
Malaza ho mpitondra amin`ny fihemorana,
Ka kilasiana fa hoe "fozaorana".

Tsy azo antenaina ny hoe hampandroso.
Fa raha dia mianòtra dia misosososo.
Takaitra navelany, hita eto an-dasy :
Jereo f'any an-davaka ny Malagasy!

Koa mieritrereta ry olo-nofaizina,
Raha mbola indroa hianjadian`ny haizina.
Henoy dia ialao ny propagandy,
Raha ho "fisandratan`ny olo-mavandy".

***DADAN`i ZINA (03-07-18)***

BAOLINA KITRA IRAISAM-PIRENENA

# Hafana sy hiady dia hiady ny 1/4-dalan'ny Mondial 2018

Vita avokoa ireo lalao 1/8-dalana tamin'ny Mondial 2018. Toy izao ireo vokadalao farany tamin'izany: Rosia- Espagne 1 sy 1 (nandresy tamin'ny tir au but 4-3 i Rosia).
Croatie- Danemark 1 sy 1 (nandresy tamin'ny tir au but 3-2 i Croatie).
Brezila- Mexique 2- 0.
Belgique- Japon 3- 2.
Suède- Suisse 1- 0.
Angletera- Colombie 1 sy 1 (nandresy tamin'ny tir au but 4- 3 i Angletera).
Frantsa- Argentine 4- 3.
Uruguay- Portugal 2- 1.
Fantatra avokoa arak' izany amin'izao fotoana ireo ekipa 8 hiatrika ny 1/4-dalana amin'ny Mondial andiany faha-21 hatao any Rosia amin' izao fotoana. Rahampitso zoma sy ny sabotsy izao no hatao ireo lalao 4 amin'izany 1/4-dalana izany. Toy izao ny fandaharan-dalao amin' izany:

**-zoma 6 jolay:**
17h Uruguay- Frantsa
21h Brezila- Belgique

**-sabotsy 7 jolay:**
17h Suède- Angletera
21H Rosia- Croatie
Hafana sy hiady dia hiady tokoa ireo lalao 4 ireo satria samy sangany eto amin'izao tontolo izao ireo ekipam-pirenena 8 ireo matoa tafakatra amin'izao dingan'ny 1/4-dalana izao. Ny fiandohan'ny herinandro ho avy io kosa no hatao ireo lalao 1/2-dalana roa ary ny alahady 15 jolay ny lalao famaranana amin' ity Mondial 2018 ity.





*Cavani- Uruguay, Griezmann- Frantsa, Neymar- Brezila, anisan'ny harahan'ny maro maso akaiky amin'izao 1/4-dalan'ny Mondial 2018 izao.*

***Lita***

10 taonan'ny AT2B

# Fetiben'ny basket-ball eny Andraisoro

Ao anatin'ny fankalazana ny faha-10 taonan'ny tarika mpanao basketball AT2B eny Andraisoro dia misy ny fetiben' ny basket-ball eny an-toerana amin'ny isaky ny faran'ny herinandro. Fandaharan-dalao amin'iza- ny Andro faha-18 sy faha-19: sabotsy 7Jolay sy alahady 8Jolay 2018:

***Lita***




**-Sabotsy 7Jolay 2018-Kianja AT2B Andraisoro:**

08H00: BTS # MB2ALL (S.HOMMES)
09H30 : ASTAR # ASSM (S.HOMMES)
11H00: BCSM 1 # AT2B (U12G)
12H00: MMBC # SBC (Vet.DAMES)
13H30: MANAPOINS # JCSA 2 (Vet.DAMES)
15H00: AMB'HOOPS # BBCM (Vet.HOMMES)
16H30: JCSA # BCSM 2 (U12G)
16H00: TAC BB # AUDACIOUS (S.HOMMES)

-Alahady 8 Jolay 2018. Kianja AT2B Andraisoro:
08H00: BCR # AST (Vet.HOMMES)
09H30 : BCR # BTS (S.HOMMES)
11H00 : TANDEM BONA # AMBB (S.HOMMES)
12H30 : BCR # DREAM TEAM (U18G)
14H00: DREAM TEAM # BCSM 2 (U12G)
15H00: JCSA # NBE (U12G)
16H00: FFBC # VAHONA (Vet.HOMMES)

**-Sabotsy 7Jolay 2018- Kianja Lycée Technique Ampasampito:**

08H15: BADTEAM # TANDEM BONA (S.HOMMES)
09H45 : BCR # SBC SOLA (S.HOMMES)
11H15 : BONNET # CBBT (S.HOMMES)
13H00 : DREAM TEAM # ASM (S.HOMMES)
14H30: AMBB # INSTITUT PAST (S.HOMMES)

**-Alahady 8 Jolay 2018. Kianja Lycée Technique Ampasampito:**

08H15: TEAM SKET # FBC (S.HOMMES)
09H45 : TBS # CBBT (S.HOMMES)
11H15 : BONNET # BAD TEAM (S.HOMMES)
13H00 : SBC SOLA # TAC BB (S.HOMMES)
14H30: MFB # BC3A (Vet.HOMMES)
16H00: MB2ALL # MANDORO (S.HOMMES)


## Sakafo Ny Valosoa



**Baranjely nendasina**, avy nosesehana totokena indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana ihany koa miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Fomba fikojana ny volo



Fomba fikojana ny vola indray no Mahasoa eto amin' ny gazetinao androany. Raha toa ka tapatapaka , miongotra , tsy mety ho lava, maina be sns ... Izao no hatao:
1) Ho an'ny Volo Miongotra sy Tapatapaka . Totoy ny akóndro ary hosory amin'ny hodi-doha lena efa madio. Avelao eo mandritra ny 30 min.
2) Mampijanona ny fihintsanan'ny Volo: Romarin+ Anandrano+Thym+ Ortie+ ail+ Rano 1/2 vera. Totoina ireo, afangaro, ahosotra sy hanorana ny hodi-doha . 30 min alohan'ny hanasana loha.
-Huile à l'ail : mampijanona tanteraka ny fihintsanam-bolo.
-Sérum d'oignon ity dia haingam-piasa tokoa amin'ny fanirin'ny volo. Ankoatr'izay raha misy angadrano dia tena afaka.
-Sérum capucine (alcool) : mampaniry sy manamafy ny foto-bolo.
-Huile d'avocat : manalefaka, manatsotra, manala vakivaky.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Mahajanga

Ny tanànan'i Mahajanga indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. I Mahajanga no renivohitry ny faritra Boeny, serananatsambo ihany koa izy amin'ny faritra Avaratra Andrefan'i Madagasikara iny. Eo amin'ny helodranon'i Bombetoka sy ny fivoahan'ny reniranon'i Betsiboka an-dranomasina no misy azy, amin'ny Lakandranon'i Mozambika. 560 km avaratra andrefan'Antananarivo no misy azy. Ny moron-dranomasin'i Mahajanga antsoina ihany koa hoe Bord dia mirefy 10 km eo. Ny lapan'ny tanànan'i Mahajanga dia naorina tamin'ny taona 1955. Ara-tantara, ny olona voalohany avy atsy Afrika (tArabo) tonga tany dia nanambara fa maha-janga na maha salama ity tanàna ity, tamin'ny taon-jato faha-XV tany ho any. Misy hira momba izay milaza fa: malaza mafana sy mahatamana ny renivohitry ny faritra Boeny. Tanànan'ny voninkazo ihany koa no ilazana azy. Fa taloha elabe dia efa nisy nipetraka tany Mahajanga, tany amin'ny 2000 taona mialoha izao taon-jato iainantsika izao.



## NY TENY FIAINANA

**Jakoba 1 : 13**

*Raha misy alaim-panahy, aoka izy tsy hanao hoe: Andriamanitra no maka fanahy ahy; fa Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaim-panahy, sady tsy mba maka fanahy olona Izy.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Eulalie, nanavotra ilay zaza tany Andranomena Arivonimamo, reharehan'ny ray aman-dreniny sy ny sekoly FJKM



**Dnesekoly-fjkm Ffs** : "Ary hianareo koa dia vavolombelona hanambara" Jaona 15: 27a. Izy no RAFARAMALALA Heriniaina Eulalie, 15 Taona, mpianatra ao amin'ny SEKOLY FJKM AMBOHINIERANA - Arivonimamo. I Eulalie ilay nanavotra ilay zazavavy kely vao heritaona sy telo volana latsaka tao anaty rano teny amin'ny tetezana Andranomena, Kaominina Arivonimamo II.

Mangata-bavaka amintsika izy satria izy izao no mikarakara ilay zaza amin'izao fotoana izao. Ny maman'ilay zaza kosa dia mbola manaraka fitsaboana eny amin'ny Hopitaly HJRA Anosy satria dia tapaka ny tongony sy ny valahany. Reharehan'ny sekoly FJKM I Eulalie, reharehan'ny ray aman-dreniny koa.

**Mamy Mamy nambinitsoa** : maherez e, tahiny, tompo anie homba anareo.

**Fandresena Randriamananjara** : raha tany ivelany izao io d nahazo fankasitrahana t@ Filoha io Eulalie io, tsy hiasan- drajao saina akory zany.

**Lalatiana Rakotoarivony** : Enao kosa ..am le 4 zao ar i Eulalie ho raisin filoha eny lavoloha ... mba manaraha vaovao kosa e...

**Fandresena Randriamananjara** : hay ve é, tsara izany fa za no tsy naharaka. Ny gasy koa moa tia maka tahaka izay ihany, ka tsara izany e!

**Rinah Adrielle** : Mivavak ho anareo aho, Eulalie ar ankino amininy mandrakariv NY fiainana mantolo fa izy mahay manova NY zavatra rehetra mahereza hatr@ farany Eulalie a!

**Eliane Ranoromalala** : Mankasitraka indrindra Eulalie, ny Tompo homba anao hatrany, hamaly fitia anao satria tsy ho voavalin'ny na iza na iza ny nataonao.

**Michaël Rakotomalala** : Mahereza ZANDRY, Sal.37:5.

**Roukia Salim** : Ka anga tsy misy havana mihintsy io zazakely io ankoatra NY mamany izay mbola manaraka fitsaboana e ?

**Tatie Bouta Rakoto** : Aza de faly manakiana re Tompoko o! Tsy Fantatsika rà misy ankizy Hafa karakaraina ko any atrano de zay no tsy maha Eo ny rainy moa ny sasany mikarakara an le reniny zay fantatrareo tsara fa Maratra ko. Tsy fantatsika Ze fandaminam- pianakaviana any...

**Victor Rabozaka** : Miarahaba anao ry Eulalie amin`ny famonjenao ilay zaza enga anie ny tompo hamaly fitia aminao. Ary tohizo ny herimpo izay ananao ary ilay zaza dia ho sitrana soa miaraka amin`ny reniny.

**Tsinjo Princy** : O mamadou kely nay tahin tompo retsy a!

**Tinasoa Julie Razafindratavy** : Misaotra an'Eulalie tohizo ny toetranao fa tsara. kanefa mitandrem ihany fa ho be ny mpialona anao @zao toetranao izao.

**Ginah Rhrnm Mino** : jesosy homba anao hatrany d mirary fahasalamana ho an' ny renin' ilay zaza ary samy hitombo fahasalamana.

**Ratovoarimanana Omega Omega** : Matoa mbola izy no mandray an-tanana ny fikarakarana de mbola ts eo ny havan' izy mianaka, mino aho fa tsy hiady irery amin' io zaza io izy fa tsy maintsy efa mba mahare vao2 koa ny olona akaiky an' izy mianaka, mankasitraka ky a!ny Tompo hamaly fitia anao.

**Saholy Raveloarinosy** : Misaotra anao fa nahavonjy ain'olona hianao Dia ny tompo Anie hitahy anao sy hanome izay irin'ny fonao amin'ny fiainananao sy ny raiamadreninao. Dia ho an'Andriamanitra irery hiany ny voninahitra.

**Capucine Faustine** : Iza reo maka sary miaraka aminy reo??

**Angelo Razanakalahy** :Andriamanitra anie hanome fahasalamana sy fitahiana ary fahasoavana ho anao.

**Ernestine Ralainirina** : Efa napetraky ny tompo taminao io de courage fa Jesosy no hanampy anao.

**Ainah Michelle** : Nga zaza tsy mianatra izy marina fa avotr'aina fa tokony efa MBA vita NY adidiny surtout izy classe de 3em hanao fanadinam- panjakana, fa aiza NY havan'le zaza sy ny Ray aman- drenin'le zaza nga tsis misy ?

**Ainah Michelle** : fehiny tamin'ny nataon'i Eulalie dia azo lazaina fa filamatra eto amintsika koa ny sekoly FJKM.

PETITE VITESSE

# Ho tapaka ny antsasaky ny lalana mandritra ny 2 volana sy tapany

Ao anatin'ny fanatsana ny Tanànan' Antananarivo Renivohitra dia hisy ny fandaminana ny fifamoivoizana manomboka amin' ity herinandro ity . Noho izany dia mampandre ny besinimaro ny Talen' ny Fitaterana sy ny fivezivezana an-dRenivohitra Raveloson Landy Harilala ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra , fa ho tapaka ny antsasakin'ny lalana Rainibetsimisaraka izay miditra eo Soarano mihazo ny Petite vitesse iny ny alatsinainy ka hatramin'ny sabotsy , mandritra ny 2 volana sy tapany eo na telo volana . Ny alahady kosa dia tapaka tanteraka ny lalana sy ny amin'ny alina.



*Ny lalana etsy amin'ny Petite Vitesse Soarano.*

***Aly***

Manarintsoa Afovoany

# Nanome fanampiana ireo traboina ny CUA

Trano miisa 31 no may afak'omaly tamin'ny 1 ora maraina tany ho any tao amin'ny Fokontany Manarintsoa Afovoany Boriboritany voalohany. Ny 5 tamin'ireo trano may ireo dia trano biriky, ny 26 kosa dia trano hazo. Miisa 180 ireo tsy manan-kialofana vokatr'izao haitrano izao. 2 no naratra, tsy nisy ny aina nafoy. Ny antony naha-may ny trano araka ny nambaran'ireo olona teny an-toerana dia mety ho resaka kakay satria nisy nandraraka lasantsy ny varavaran'ny tonkatrano iray dia iny no niteraka firehetana tsy voafehy. Tonga nankahery an'ireo olona traboina tran'io haitrano io ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny 03 jolay maraina, notarihan'ny Solontenan'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, nahitana ny kolonely Emilien Ramboasalana sy ireo mpiara miasa akaiky. Nanolotra vary 10 Gony , savony 5 baoritra, menaka 4 baoritra ary sûr-eau 2 baoritra ny kaominina Antananarivo tamin'izany. Teo ihany koa ny fandefasan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra Dokotera teny an-toerana, mba hitsabo ireo izay tsy salama rehetra . Tsy vitan'izay ,fa araka ny toromariky ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana dia ho raisina an-tanana maimaimpoana ny fanamboarana ireo taratasy ara-panjaka izay may rehetra teny an-toerana toy ny kopia, karapanondro, bokim-piankohonana, sy ny maro hafa… izay tanterahana ao amin'ny boriboritany voalohany . Tsy iandrasana ela fa ho tonga hanadio ny toerana may koa ny mpamonjy voina sy ny mpanadio tanànan'ny kaominina Antanananarivo Renivohitra, ho rarahana fanafody koa ny toerana mialohan'ny hanarenan'ireo mponina ny tranony may indray.

***Isambilo***

Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay- Malagasy

**Embargo :** Fepetra raisin'ny fanjakana entina misakana ny fidirana na ny fivoahan'ny entana.
**Empêchement :** Avy amin'ny teny anglisy empeachment izay entina ilazana ny fampiatoana ny fitantan'ny filohan'ny Repoblika araka ny Lalampanorenana. Ingahy Zafy Albert Filohan'ny Repoblika voafidy dia nampiatoan'ny Fitondrana Avo momba ny Lalam-panorenana( HCC) tamin'ny andraikiny sy ny asany amina maha Filohan'ny Repoblika azy tamin'ny 1995. Ramatoa Dilma Roussef, Filohan'ny Repoblika Breziliana dia nampiatoan'ny Antenimiera tamin'ny asany tamin'ny volana Mey 2016.
**Emplois (hauts):** Asam-panjakana ambony. Didy hitsivolana raisina amin' ny fivoarian'ny ministra no manendry ny mpiasam-panjakana ambony toy ny ministra, sekretera jeneraly, tale jeneraly sy ny talem-panjakana …
**Entrisme:** Fitsofohana antsokosoko ny ho mpikambana pôlitika ao amin'antoko hafa hikatsahana ny fanovana tetika na firehan-kevitra na hevitr'io antoko nitsofohana io. Fomba fanao matetika izany mba hahazoana toerana ary hahafahana misarika ny sain'ny sasany.
**Equilibre( des pouvoirs)** : Fifandanjam-pahefana eo amin'ny andrim-panjakana.
**Esclavage :** Fanandevozana.1) Ny fanandevozana dia fanaisorana ny zo sy ny fahafahan' olona iray na maromaro. Ny andevo dia heverin' ny tompony tsy ho isan' ny olombelona, fa toy ny zavatra sy entana ary biby. Noho izany sata izany dia voatery manao asa an-terivozona sy azo amidy ary ampanofaina ny andevo. Ny andevo dia ireo olona babo an' ady; tamin'ny andro fahiny dia nolovana ny maha andevo. 2) Teto Imerina kosa ny olona voasazy na andriana, na hova ka tsy naloa trosa sy ireo nitsaoka an' ady… dia lasa andevo. 3) Tamin'ny 26 Août 1896 no nofoanan' ny governora frantsay Laroche ny fanandevozana teto Madagasikara. Araka ny Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon' olombelona tamin'ny 1948 dia voarara ny fanandevozana manerantany. 4) Ankehitriny dia misy endrika vaovao ny fanandevozana: fanerena olona hiasa noho ny trosa ; fananganana sandoka zaza ; ny fanerena vehivavy hivaro-tena.
**Establishment :** Vondron'olona mpanankarena na manam-pahaizana na mpitantana orin'asa lehibe na lehiben'ny orin'asa mpamokatra vaovao manana toerana manokana sy maharitra eo amin'ny fiaraha-monina.
**Etat:** Fanjakana. Ny atao hoe fanjakana ara-ka ny lalàna iraisam-pirenena dia ny fisian'ny velarantany, mponina sy governemanta. Ny fanjakana dia manana fiandrianampirenena, sy fahefana tsy azo tohina ao anatin'ny velaran-taniny.
**Etat de droit:** Fanjakana tan-dàlana. Fomba fiasa manaja ny lalàna manankery. Ny fifanohizan'ny raharaham-panjakana dia anisan'ny fanajana ny Fanjakana tan-dàlana.

**Fetra Ramamonjy**

DIS-TIM SY BORIBORITANY FAHA-3 (CUA)

## Nanala ireo lobolobo teny Ampasampito sy Avaradoha

Nanatanteraka fanadiovana faobe nanomboka tetsy amin'ny "Rond point" Ampasampito mipaka hatrany Avaradoha ambany, ny avy ao amin'ny Boriboritany faha- 3, Kaominina Antananarivo Renivohitra omaly maraina, fanadiovana nanom- boka tamin'ny 7 ora sasany maraina, notarihan'ny Sefo teknika avy ao amin'ny boriboritany, Lova Andrianaivojaona. Fanamby apetraky ny fiadidiana ny tanànan' Antananarivo amin' izao hetsika fana- diovana tanterahina isaky ny boroborintany eto an- dreni- vohitra izao ny isian'ireo asa mivaingana misy fiantraikany mivantana amin'ny mponina, eo iha- ny koa ny fitaizana azy ireo hahay hanaja ny fahadiovana. Nodiovina tamin'izany ny lankandra- no izay hita fa tena tsentsin'ny lobolobo sy ireo fako rehetra. Tonga nandray anjara tamin'ny hetsika ny avy ao amin'ny mpamonjy voina izay nanapaka ny lobolobo mibahana ny lalan' ny mpandeha tongotra sy ireo manarona ny tatatra. Teo ihany koa ny mpanadio avy ao amin' ny Boriboritany fahatelo izay miisa 40 , nandray anjara mavitrika tamin' izany ihany koa ny DIS- TIM teny an-toerana. Tsy diso anjara ihany koa ny mpanolotsaina avy ao amin'ny Boriboritany fahatelo nanadio teny an-toerana. Mbola hitohy anio etsy amin' ny tsenan'Andravohangy ny fanadiovana, fanadiova-na ny loto ao aorian' ny tsena alarobia eny an-toerana.

**Aly**

Pr Harimalala Joseph

## Tsy hita taratra amin'ny andavanandron'ny rehetra ny fiovana

Tsy mitsahatra ny maneho hevitra momba ny raharaham-pirenena hatrany i Pr Harimalala Joseph, izay fatra-pandi- nika ny raharaham-pirenena sy mampifandray izany amin'ny soratra masina hatrany. Raha ny amin'ity anio ity dia ny tenin'Andriamanitra ao amin' ny Lioka 19:40 indray no hitarihany ny sain'ny mpanarabaovao, izay milaza manao hoe: "Fa Jesosy namaly ka nanao hoe: Lazaiko marina aminareo fa raha mangina ireo, dia ny vato no hiantsoantso". Ny tiana hambara hoy ity mpandinika ity dia herinandro vitsivitsy izay no nisian'ny fihaonana teo amin'ny solombavambahoaka sy ny governemanta, izay notarihin'ny Praiministra Ntsay Christian, tao amin'ny Antenimieram-pirenena. Tamin'izany fotoana izany no nianga- vian'ny solombavambahoaka sasany ny Praiministra amin' ny tokony hampiatoan'ny TIM ny sy hiangaviana azy ireo hampiato ny tolona eo amin'ny kianjan'ny 13, mba ho fitoniana ka hahafahana manantanteraka ny fifidianana milamina. Ny tsikaritra anefa tamin'izany dia toa tsy namaly azy ireo ny Praministra fa toa tsy nisy mpitehaka ireo nangataka taminy. Ny fanontaniana mipetraka hoy ity mpandinika ity dia hoe: inona no tian'ireo solombavambahoaka ahatongavana sa mihevitra ny hanakorontana ve sa inona? Ny antony mantsy dia hatramin'izao nipetrahan'ny Governemanta vaovao izao dia mbola tsy hita taratra amin'ny andavan'andron'ny rehetra ny fiovana amin'ny kolikoly isankarazany sy ny fanamparampahefana ataon'ny antokon'ny fitondrana, ka nahoana moa ny solombavam-bahoaka Tim izay mitaky ny fampanjakana ny fahamariana sy ny tsy hisian'ny kolikoly no asaina mandefitra amin'izany? Aza adiny fa isan'ny tarigetran'ny mpitarika ny antoko TIM ny fampanjakana ny fahamarinana sy ny fahamasinana ary izy no isan'ny nametraka io ratsitra hiadiana amin'ny kolikoly io, mba ho tombontsoan'ny malagasy maro an'isa. Koa am-panetre tena hoy ity mpandinika ity no hitenenana fa marina ara-bakiteny io tenin'Andriamanitra teny ampiandohana io, matoa mbola mitohy ny tolona na dia efa nisintaka teo aza ireo manampahefana sasany nahazo seza, ka ny Tim sisa no miakatra kianja eo, nohon'ny mbola tsy fisian'ny fanovana izay. Koa manentana ny rehetra hatrany moa ny tenany mba hifanome tanana amin 'ireo mpitarika mahery fo eo Analakely ireo, fa hoy ny tenin'ny tompo ao amin'ny Matio 24:1" manao hoe: "Fa izay maharitra hatramin'ny farany no ho vonjena", ary hoy koa ny voasoratra ao amin'ny Marka 13: 28-29 manao hoe: "Ary mianara ny fanoharana amin'ny aviavy: raha vao maranoka ny fantsany ka mandravina, dia fantatrareo fa efa akaky ny lohataona. Dia tahaka izany koa ianareo, raha vao hitanareo fa tonga izany zavatra izany dia aoka ho fantatrareo fa efa akaiky eo ambaravarana izy". Araka izany dia aoka ho fantatsiak fa efa akaiky ny famonjena antsika Malagasy amin'ny alalan'ny fanafahan'I Jesosy Kristy antsika, ka aoka samy hijoro hatramin'ny farany amin'ny fahamarinana, satria hoy ny Ohabolana 14:34 manao hoe: "Ny fahamarinana manandratra ny firenena; fa ny ota kosa fahafaham-baraka amin'ny olona".

**Lezama**

Andranomanelatra-Antsirabe II

## Miverina indray ny asan-jiolahy mahery vaika

Velon-taraina amin'ny tsy fisian'ny tsy fandriampahalemana any amin'ny distrikan' Antsirabe faharoa ny mponina any an-toerana. Miverina indray mantsy ny fanafihan-jiolahy mahery vaika ao amin'ny Distrikan'Antsirabe faharoa ao raha tarafina tamin'ny tranga vao niseho ny alatsinainy 02 jolay alina, tokony ho tamin'bny 11 ora sy sasany tany hoany, raha toa ka somary nilamindamina izany taorian'ny fanafihana Masera farany teo, tao amin'ny kaominina Ambano. Ny alin'ny Alatsinainy 02 Jolay 2018, tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany tany ho any mantsy dia tokatrano mpivarotra niisa 6 no notafihin'ny jiolahy nanodidina ny 20 tany ho any tao amin'ny Fokontany Amberobe-Andranomanelatra io. Ny vola avy hatrany no notakian'ireo jiolahy sy karohiny eran'ny trano ka ankoatra ireo dia noraofiny avokoa ny entana toy nyTélévíziona sy radio ary finday. Ankoatra ireo dia volana nodidina ny 12.700.000 ariary no fitambaran'ny vola voahangon'ireo jiolahy indray alina io. Nambaran'ny fokonolona fa toatsipoapoaka no napoakan'ireo jiolahy nialoha ka tsy taitra ny olona, saingy rehefa niantso vonjeo ireo voatafika rehefa lasa ireo jiolahy vao taitrany maro. Nisy vatan-dahy nanodidina ny 20 ihany mba saika hanohitra saingy natahotra nohon'ny haizina satria tsy fantatra izay fitaovam-piadiana tany amin'ireo jiolahy. Valala voatango tanteraka ny tantsaha noho ity tsy fandriampahalemana ity ao Antsirabe II ao, satria isan'ny tsy mety voafehin'ny mpitandro filaminana ity fanafihan-jiolahy ity hatramin'izao. Mody mamitsaka mantsy ireo jiolahy fotoana vitsy, saingy mirongatra tampoka toa izao ka dia majifa avokoa izay lalovany.

**Lezama**

Antsirabe

## Tsy voafehin'ny kaominina ny fiarovana ireo fotodrafitrasa

Mampalahelo tanteraka ny fahapotehan'ny karazana fotodrafitrasa isan-karazany ao andrenivohitry ny kaominina Antsirabe ao amin'izao fotoana. Raha ny zavamisy ao amin'ny zaridainan'ny "Parc de l'Est" Antsirabe dia tapitra potehin'ny olona tsikelikely ireo seza fipetrapetrahan'ny olona, izay nataon'ny orinasa goavana iray tao Antsirabe. Toa ireo vy ao anatiny no tena hamotehan'ny olona izany ary hita ho manana fotoana malalaka mihitsy ireo mpanapotika mandrava ireo fitaovana. Ankoatra izany dia misy ireo zaridainakely natao ho filalaovan'ny ankizy, izay nametrahana fitaovana filalaovana isankarazany ihany koa saingy efa lasa toerana fanariam-pako sy rakotra alaala ilay toerana, izay niarahana nanajary tamin'ny taranak' Atoa Garbit sy ny ONG iray izany, tamin'ny fitondran'ny Ben'ny tanana Olga Ramalason. Raha toa ka fitsangatsanganan'ny olona ny tao amin'io "Parc de l4est" io teo aloha, rehefa Sabotsy sy Alahady dia zary fitoeran'ny andian-jatova tsy fatam-piaviana sy ny mpivaro-tena atoandro ankehitriny ka tsy azo antoka intsony na koa mpanedaka ireny mipetrapetraka ireny. Ny mahagaga dia fananan'ny kaominina Antsirabe renivohitra ity zaridaina ity saingy asa na iniana ho potehina mba ho zarazaraina amin'olona indray aoriana na ahoana fa tsy misy mpikarakara sy mpiambina intsony ilay toerana nahafinaritra teo aloha.Tsara ny manamarika fa na ireo eo ambany mason'ny mpitantana toy ny manodidina ny tsangam-baton'ny fahaleovan-tena aza moa misy mamotika tsy misy miraharaha, mainka fa ireo any lavitra toy ity eny amin'ny Parc de l'Est ity?

**Solohery**

Tratry ny mosavin-drafivavy

## Nivoaka lomotra ny fivavian' ilay tovovavy

***Hafa noho ny hafa indray ny nahazo ity tovovavy ity. Bevohoka izy ary voalaza fa zaza, nefa dia tsy zaza no nivoaka tao fa lomotra . Soa fa nisy an'i Madame Noelah 03313 090 13 sy ny 03461 328 62 eny amin'ny 67 Ha atsimo no nikarakara azy ka avotra soamantsara ihany ilay tovovavy.***

Izao mantsy no fandehan'ny tantara: nivady efa dimy taona izy mivady ireto. Tsy nisy nahafantatra izay nataon'ny tsirairay tany aloha tany. Ny nahagaga dia somary tsikaritr'ilay tovovavy ihany fa ilay vadiny dia efa nanao sipa taloha ary miavona tsy miresaka sy mangarika aminy mihitsy. Nandeha teny ny andro sy ny volana ka sendra nifanena tamina lanonana izy roa vavy ireto ary niara-nipetraka ihany koa. Ny hariva anefa, vao tafody tany an-trano ilay tovovavy dia hafahafa izany ary nararary kibo ny niandohany. Tsy naninona ihany aloha fa herinandro taty aoriana dia niverina ny aretina fa nijanona ihany indray. Mbola noheveriny fa mora ihany io ka tsy taitra izy mivady. Nitombo teny anefa ny volana ka toa bevohoka izany ramatoa. Nandeha teny amin'ny mpampivelona dia nolazainy fa zaza ilay izy. Nandrasana anefa efa ho folo volana ka tsy nety teraka ihany. Teo vao tonga saina ilay ramatoa ka tsy maintsy nitady hevitra haingana ka nanatona teny amin'i Madame Noelah. Teo vao fantatra fa mosavy hay ilay izy.

**Tratry ny vorika ilay tovovavy**

Vao nihaona izy mirahavavy dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy. Nisy olona niara-nisakafo taminao hoy izy ary efa ela io, saingy tsy tsikaritrao fa nisy fotoana ianao nametraka sotro no nisy laoka tampoka izany teo am-bilianao ary tsy tsikaritrao mihitsy. Nohaninao io hena io hoy ilay mpitsabo saingy efa nisy fanafody ratsy nataon'ilay olona teo akaikinao. Nivavaka aloha ilay mpitsabo, avy eo dia nosafoiny ny kibony ary nisy rano manokana nosotroiny. Mandehana mody hoy izy, tampoka teo anefa dia nandoa zavatra hafa izany ilay ramatoa, ka sady maimbo no toa lomotra miloko maitsomaitso izany no nivoaka taminy. Safotra mihitsy ity tovovavy ity ary afaka fotoana fohy dia nitsangana. Mandehana mody hoy ity mpitsabo ity ary tohizo ny fisotroana ity rano ity. Roa andro taorian'izay dia nihena ny kibon'ilay tovovavy ary nilaza izy fa sitrana ary tsy bevohoka izany. Niaiky izy fa tena mosavy tokoa fa tsy zaza io tao an-kibony io, ka soa ihany fa nanatona teny amin'ity mpitsabo ity. Saika hamono azy mihitsy mantsy no tanjon'ity rafivavy ity. Iray volana taorian'izay dia bevohoka indray izy ary rehefa nanatona mpampivelona dia voamarina fa zaza tokoa ary miandry fahaterahana sisa.

**Ny Akama**

## Taratasin'ny mpamaky

Salama e. Diriho dia zarazarao any ny hoe IEM( Instalation Esclavage Moral ), io no atao hoe sakabeloha. Vola tahirin-dRavalomanana no nahavita ny telezamita f'aza be resaka Rajoelina a! Ianao zao no atao hoe voalavo fotsy. Isika izay mba mahalala aoka hanome vaovao marina momba ny mpanao politika rehetra sy ny fomba fiainany. Samy manana ny fomba ny Malagasy, teny iray fa ny dikany samihafa. Ho anareo miaraka @ ADN kosa dia efa teo daholo ianareo ireo fa tsy nisy nieritreritra dinika ifotony. Miantsoa olona mankeny @ kianja dia manazava aminay hoe izao no atao dia ho hita eo. Ny anareo koa tahotra vahoaka no betsaka. Ny mpanao politika rehefa be vava, be resaka dia tsy alehany... na rafitra fokonolona io na rafitra depiote io na rafitra vahoaka io na rafitra filoham-pirenena io na rafitra tantsaha io dia tsy manaiky foana ny malagasy satria ny razany aza efa mifangaro. Efa mifangaro @ vahiny ny rany, na iankavanana na iankavia isika malagasy dia miseho tompony nefa tsy mahatapak'ahitra... raha misy mahatapak'ahitra dia toherina @ tsy fiheverana kely... Dindon'ny fankahalana tany aloha no misesika ao an-tsaina voalohany. Olona tsotra misy alahelo ka ambara anareo fa tsy zaka e. Mety misy mitovy amiko any a.

**Achille R.**
**Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**30/06/18 hatramin'ny 06/07/18**

- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 020 22 240 64/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32
- **MAHASOA** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 622 50
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 784-07-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ISPM AMBATOMARO ANTSOBOLO

# Mamokatra voka-pikarohana mamaly ny filan'ny firenena hatrany

Zava-baovao maro hatrany no mipoitra avy amin'ny voka-pikarohana ataon'ny mpianatra manovo fahaizana amam-pahalalana eny amin'ny ISPM na Institut Supérieur Polytechnique de Madagascar eny Ambatomaro Antsobolo. Fanaony isantaona ny manao varavarana misokatra hampahafantarana amin'ny besinimaro, indrindra ny mpianatra afaka bakalorea sy ny ray aman-dreny ary ny mpandraharaha eto amin'ny firenena, izany voka-pikarohana ao aminy izany. Tamin'ity taona ity, dia niompana kokoa any amin'ny vokatra azo ampiasaina sy ahafahana trandrahana eto Madagasikara ny ankamaroan'ireo voka-pikarohana nataon'ny mpianatra, araka ny nambaran'ny Tale misahana ny fitantanan-draharaha sy vola ao amin'ny ISPM, Razafindrahety Aimée Noeline. Anisan'izany ny famokarana solon-tsakafo avy amin' ny alalan'ny zava-boahary izay mahasolo ny hena. Hita ao anatin'izany ny tsiron-kena, sy ny otrikaina mbamin'ny vitamina hoentin'ny hena. Azo trandrahana tsara izany ary azo omena ny daholobe hahafahana manaraka « régime » ilaina na ihany koa hiadiana



*Razafindrahety Aimée Noeline, Tale misahana ny fitantanan-draharaha sy vola ao amin'ny ISPM*

amin'ny tsy fahampiana na tsy fanjarian-tsakafo. Singanina ihany koa, ohatra, ny fahavitan'ny mpianatra « serre écologique » izay hampandrosoana ny eny ambanivohitra amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny vokatra eto Madagasikara izay matetika misedra ny loza voajanahary. Nisy koa mpianatra nahavita fikarohana momba ny fomba vaovao hahafahana manome vahana ny fanjifana ny hanikotrana mba hameno ny filàna araka sokajy rehetra ilaina amin'ny vatan' olombelona. Maro tsy voatanisa ireo voka-pikarohana vaovao vitan'ny mpianatra izay mampiranty izany amina tranoheva miisa 310 avy amin'ny lalam-piofanana : « Informatique, commerce et marketing, finance et comptabilité, droit et technique juridique des affaires, élec- tromécanique et informatique industriel, industrie chimique minière, pétrolière, génie civile et architecture, ary ny tourisme et environnement ». Hetsika izay tafiditra ao anaty fandaharampianarana ny toy izao ahafahana mamporisika ny ankizy manatsara ny kalitaon'ny fahaizany ho entiny hanampy amin'ny fahaizana azony tamin'ireo fampianarana natao tany am-pianarana. Ary mifanandrify indrin- dra ihany koa amin'ny fanabeazana amin'ny fampianarana manaraka ny rafitra LMD.

Marihina, fa nanomboka ny talata 03 jolay lasa teo ity varavarana misokatra ity ary amin'ny Sabotsy 07 Jolay amin'ny 4 ora hariva no mifarana ary hanasana ny rehetra.

***Radafy***

Ceg Analamahitsy- EPP Behoririka-Soarano

# Tsy nivarotra ary tsy hivarotra tany izany ny CUA



***Ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo, kolonely Emilien Ramboasalama.***


Manoloana ny sahoan-dresaka niniana naely mahakasika ny famarotanan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny tanin'ny CEG etsy Analamahitsy dia mazava ny valin-teny avy amin' ny fiadidian'ny CUA fa tsy misy idiran'ny Kaominina ny momba ny CEG. Mahakasika ny EPP etsy Behoririka indray izay misy manangana fefy eo amin'ny faritry ny EPP dia nazava ihany koa ny valin-teny avy amin'ny CUA fa voatery natsahatra io fanorenana fefy io satria tsy mazava ny antonantony aradalàna nanaovana izany, izay marihana fa efa tamin'ny fotoan'andron'ny PDS tany aloha no nisian'ny fifampiraharahana , araka ny fanadihadiana .Handray fe-petra manoloana izany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Mahakasika ny EPP Soarano indray kosa dia mazava tsara sady mangarahara ny fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny CUA sy ny Ministera misahana ny fanabeazam-pirenena ary ny sekoly, miaraka amin'ny solontenan'ny Ray aman-drenin'ny mpianatra. Tsy nivarotra ary tsy hivarotra tany izany ny CUA hoy ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna, kolonely Emilien Ramboasalama. Marihana ary hamafisina hatrany fa tsy afaka mivarotra ary tsy mivarotra fotodrafitr'asa toy ny sekolim-panjakana ny kaominina Antananarivo Renivohitra , ny miaro sy manatsara izany ho fanasoavana ny zana-bahoaka aza no katsahany hoy ihany ny lefitry ny ben'ny tanàna. Momba ity raharaha ity, misy Radio tsy miankina minia manely vaovao tsy marina eto, na tsy mba manao fanadihadiana amin'ny tompon'andraikitra akory izy ireo, fa tonga dia mamoaka fahatany fotsiny ny vaovao izay tsy nohamarinina.

***Isambilo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 242**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0241)

***Mitsivalana***
- Mahantra
- Sola (Miv) – Sa
- Heniheny
- Manonofy (Miv)
- Ta – Aba
- Amy – RM
- Ino – Ora

***Mitsangana***
- Mahitsy
- Alefa
- Hono – Ao
- Manisa (Miv)
- Hobio
- Tsena
- Rana – Rà
- Mamy (Miv)

## TENY MIFANARAKA N° 242




**Mitsivalana**

**1.** Avona **2.** Ao anaty rano – Ambarao **3.** Tompo Tsitoha **4.** Andro maizina – Mpampiray **5.** Tsy sahy niseho, kanosa **6.** Marika (Miv) – Lapan'ny Mpanjaka **7.** Tsy marina (BL) – Tsofoka **8.** Kivy, tsy sahy intsony – Eka **9.** Jamoka – Toetra ratsy (Miv) **10.** Ilaina – Mpanondro toerana

**Mitsangana**

**A.** Taranaka fiavianay – Marina (Miv) **B.** Esory – Aminy **D.** Maneho fofona tsara – Oroka **E.** Zava-maitso maniry – Ao anaty vava (Miv) **F.** Hakelezina **G.** Taraiky – Fia **H.** Fototenin'ny fanaratana – Mikoriana ao anaty **I.** Milaza fananana – Sakafo – Toerana **J.** Fitaovana enti-manadio **K.** Tonga ara-dalàna – Varotana

### Valiny Teny mifanaraka 0241

**Mitsivalana**

1 Mpamasovy 2. (F)iar(a) - Fia (Miv)- As 3. Fitondrana 4. Saka (Miv) - Aina 5. Nanao - Kere 6. Karem(y) 7. Rainay - Eo 8. Ampy - Toj(o) 9. Kamo - Aminy 10. Ma (Miv) - Vay - Fay

**Mitsangana**

A. Mifanaraka B. Gaika - Mama (Miv) D. Mpianatra (Miv) E. Osa - Niev(a) F. Nao (Miv) G. Sida - Kitay H. Afrika - OM I. Fijerena (Miv) J. Ianareo K. Sa - EM - VII

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny tolona nataon'ny mpanabe teny amin'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena tetsy Anosy, omaly.









Ny fanadiovana nataon'ny boriborintany faha 3 teny Ampasapito, omaly.







